**MINISTERAN'NY ATITANY**
**SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA**
**--------**

**DIDIM-PITONDRANA LAHARANA FAHA – 27191 /2021**

Mametraka Delegasiona Manokana amin' ny Kaominina Ambanivohitra Andasibe
ao amin'ny Distrikan'i Moramanga, Prefektioran'Ambatondrazaka

**NY PRAIMINISITRA, LEHIBEN'NY GOVERNEMANTA,**

Araka ny Lalam-panorenana,

Araka ny lalàna fehizoro laharana faha 2014-018 tamin'ny 12 septambra 2014 mifehy ny tandrifim-pahefana, ny fombafomba fandaminana sy ny fomba fiasan'ny vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ary ny fitantanana ny raharahany manokana ;

Araka ny lalàna laharana faha 2014-020 tamin'ny 27 septambra 2020 mikasika ny loharanom-bolan'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ny fombafomba fifidianana, ny fandaminana sy ny fomba fiasa ary ny andraikitry ny rafitr'izy ireo, novaina sy nofenoin'ny lalàna laharana faha 2018-011 tamin'ny 11 jolay 2018 sy faha 2021-010 tamin'ny 05 aogositra 2021 ;

Araka ny didim-panjakana laharana faha 2019-1407 tamin'ny 19 jolay 2019 anendrena ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta ;

Araka ny didim-panjakana laharana faha 2021-822 tamin'ny 15 aogositra 2021 novaina sy nofenoin'ny didim-panjakana laharana faha 2021-845 tamin'ny 20 aogositra, anendrena ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta ;

Araka ny didim-panjakana laharana faha 2020-156 tamin'ny 19 febroary 2020 manondro ny anjara raharahan'ny Minisitry ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana ary ny fandaminana ankapoben'ny Ministerany ;

Araka ny didim-pitsarana laharana faha 01 tamin'ny 29 jona 2021 navoakan'ny Tribonaly misahana ny ady atao amin'ny Fanjakana ao Toamasina manambara ny fahabangan-toeran'ny ny Ben'ny Tanana ao amin ny Kaominina Ambonivohitra Andasibe ;

Araka ny tolo-kevitry ny Lehiben'ny Distrika,

**DIA MAMOAKA IZAO DIDY IZAO:**

**Andininy voalohany**: Ho fampiharana ireo fepetra amin'ny andininy faha 130 amin'ny lalàna laharana faha 2014-020 tamin'ny 27 septambra 2020 mikasika ny loharanom-bolan'ireo vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, ny fombafomba fifidianana, ny fandaminana sy ny fomba fiasa ary ny andraikitry ny rafitr'izy ireo, novaina sy nofenoin'ny lalàna laharana faha 2018-011 tamin'ny 11 jolay 2018 sy faha 2021-010 tamin'ny 05 aogositra 2021 , apetraka ny Delegasiona Manokana izay misy mambra telo ka hisahana vonjimaika ny asan'ny Ben'ny Tanàna sy ny Birao mpanantanteraka amin'ny Kaominina Ambanivohitra Andasibe ao amin'ny Distrikan'i Moramanga, Faritra Alaotra Mangoro.

**And.2**:- Tendrena ho mambran'ny Delegasiona Manokan'ny Kaominina Ambanivohitra Andasibe ireto olona voalaza manaraka ireto:

- **Filoha: Andriamatoa RAZAFINJATOVO Rivosoa Prosper**
- **Filoha Lefitra voalohany: Ramatoa ANDRIAMALALA Holiravaka**
- **Filoha Lefitra faharoa: Andriamatoa RAKOTOMALALA Jean Bruno**

**And.3**: Ny Prefen'Ambatondrazaka sy ny Lehiben'ny Distrikan'i Moramanga no miadidy ny fanatanterahana izao didim-pitondràna izao izay havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika ary ampahafantarina amin'izay rehetra ilàna azy.

Antananarivo, faha 28 octobra 2021
Amin'ny anaran'ny Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta
Ary araka ny fanomezampahefana,
Ny Minisitry ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana

RAMAHOLIMASY Holder